**MINISITERAN'NY RANO NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny asa fampidirana rano fisotro madio ho an'ny tanànan'i Maroantsetra, Faritra Ambatosoa.**
Asa ho tanterahina ny fametrahana "forage à haut débit (15m³ isan'ora), "unité de traitement d'eau", fitahirizan-drano 100m³, fantson-drano 3km ary fantsona fitsinjarana rano 1km miaraka amin'ny "bornes fontaines" miisa 10.

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fanohanana ireo atleta malagasy handray anjara amin'ny lalao Tompon-daka eran-tany sokajy zandriny taranja lomano ho tanterahina any Otopeni, Roumanie, ny 18 hatramin'ny 25 aogositra 2025.**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fanohanana ireo atleta malagasy handray anjara amin'ny CHAN taranja Volley-ball U16 vehivavy tanterahina any Tunisie, ny 22 hatramin'ny 31 aogositra 2025.**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana an-tanana ny fitaterana ireo BAREA A' handray anjara amin'ny CHAN tanterahina ny 02 hatramin'ny 30 aogositra 2025 any Kenya, Ouganda ary Tanzanie**

**MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana an-tanana ny fanajariana sy fanamboarana ny zomba anitrihana ny Kabeson'i Ampanjaka Toera sy ny karandohan'ireo mpianady sakalava roa izay naverin'i Frantsa.**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny fanombohana ireo andrana ara-teknika ny fahitalavitra TVM 2 izay tafiditra ao anatin'ny fanavaozana ny haino aman-jerim-panjakana eto Madagasikara.** Efa manomboka ireo andrana tekinika ho an'ny TVM 2 izay natokana indrindra amin'ny fandefasana vaovao. Dingana lehibe ho an'ny serasera sy ny haino aman-jerim-panjakana izao fanavaozana entina izao indrindra eo amin'ny fizarana ny vaovao tena marina omena ny vahoaka malagasy sy ho fanatanterahana ny ezaka amin'ny fanatsarana hatrany ny tolotra omen'ny haino aman-jerim-panjakana mba hanaraka ny vaninandro ankehitriny.

**MINISITERA DELEGE MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana ireo mpianatra zandary miisa 500 ho an'ny taona 2025.**

**SEKRETARIAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA MIADIDY NY TANANA VAOVAO SY NY TOERAM-PONENANA**

**Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny fanolorana ireo asa fanamboarana sy fanokafana ny fitaterana an-tariby, zotra volomboasary Anosy - Ambatobe.**
Efa an-dalam-pamaranana ny asa fanamboarana ny fitaterana an-tariby Anosy - Ambatobe. Efa ao anatin'ny andrana tekinika izany ankehitriny, ary hisokatra amin'ny ampahany mandritra ny fihaonana an-tampon'ny SADC sy ny roa hatramin'ny efa-bolana manaraka mialohan'ny hisokafany tanteraka ho an'ny daholobe.

Ankoatra izay dia nanazava ihany koa ny Sekreteram-panjakana miadidy ny toeram-ponenana sy ny tanàna vaovao fa hanatanteraka ny hetsika «BAZAR DE LA SADC» izay ho tanterahina ny 14/15/16/17/18 Aogositra 2025 ao amin'ny Centre d'Exposition Internationale eny amin'ny Lac Iarivo. Ity hetsika ity dia natao mba ahafahan'ny